

N

May 2008 – n°08 – Isaky ny telo volana

Y FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

Trimestrielle

SOMMAIRE...

<u>PARTAGE</u>	<u>p.2</u>
-Expérimentation sur l'alevinage en rizière -Production d'alevins de carpe en mars et la pratique de la formation sur les géniteurs <i>RAZAFINDRAINIBE Grégoire, Andriamasoandro</i>	
<u>COMPRENDRE, ANTICIPEZ</u>	<u>P.4</u>
-Le grossissement de carpe en contre saison	
<u>PROFESSION PAYSAN</u>	<u>p.6</u>
-La pisciculture dans une exploitation familiale <i>RANDRIAMPANANA, Mahazina</i> -Nous sommes prêts à améliorer la vente groupée	
<u>EVENEMENT</u>	<u>p.8</u>
-L'équipe APDRA- Madagascar s'agrandit -Comment contribuer dans le journal?	
<u>PARTENARIAT</u>	<u>p.9</u>
-Une séance de travail d'évaluation de la collaboration et de perspectives entre les paysans et APDRA-Madagascar -L'étude de marché du poisson de consommation à Fianarantsoa a commencé -VFTM: Les poissons et les pisciculteurs <i>RAZAFIMAHATRATRA François Xavier</i>	
<u>COURRIERS DES LECTEURS</u>	<u>p.12</u>

TOPIMASO...

<u>MIZARA</u>	<u>p.2</u>
-Fikarohana: Manahoana ny fiainan'ny zana-trondro anaty vary? -Famokarana zana-trondro karpa volana marsa sy ny fampiharana ireo fiofanana <i>RAZAFINDRAINIBE Grégoire, Andriamasoandro</i>	
<u>FANTARO, OMANO MIALOHA</u>	<u>P.4</u>
-Fanatavizana karpa mandritra ny ririnina	
<u>TONTOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA</u>	<u>p.6</u>
-Fananana mipetraka no tambin'ny fiompiana trondro <i>RANDRIAMPANANA, Mahazina</i> - "Mazoto hanatsara ny varotra iombonana izahay"	
<u>HETSIKA</u>	<u>p.8</u>
-Tonga namana ny APDRA-Madagascar -Te-handray anjara amin'ny gazety va ianao?	
<u>FIARAHA- MIASA</u>	<u>p.9</u>
-Tombana sy vina eo amin'ny tantsaha sy ny APDRA-Madagascar -Fanadihadiana ny tsenan'ny trondro ao Fianarantsoa -VFTM: Ny trondro sy ny mpiompy azy <i>RAZAFIMAHATRATRA François Xavier</i>	
<u>TARATASIN'NY MPAMAKY</u>	<u>p.12</u>
Poema: Ny fiompiana trondro <i>R. Mode KH Tanjona B</i>	

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana:
Sanchez Frédéric (APDRA-F)

Tonia:
Rabarijaona Tsiriharina
(APDRA-F MADAGASCAR)

Mpanoratra:
Ratiarivelo Vola
Lorgeoux Bénédicte

Sary :
Fabien Cousseau
Jérémy Lescot
Sophie Moreau
Rabarijaona Tsiriharina

Fanitsiana: APDRA-F &
APDRA- MADAGASCAR

Dika feny gasy:
Ratiarivelo Vola
Rabarijaona Tsiriharina

MPANOAHANA

Service de
Coopération et
d'Action
Culturelle



Conseil Régional
de Basse
Normandie



Conseil Général
de l'Essonne



APDRA- MADAGASCAR

*Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
Tantsaha*



*Association
Pisciculture et
Développement
Rural en
Afrique*

*Antenne de l'APDRA-France
à MADAGASCAR*

Toerana fanontana: APDRA- MADAGASCAR
70 (malagasy) -Natonta ny: jiona 2008
60 (frantsay) - Voapetraka ara-dalàna : jiona 2008

« SASINTENY »

Ao anatin'ny ririnina tanteraka isika izao. Efa mi-solo voly avotra ny vary eny an-tanimbary. Ho an'ny fiompiana trondro an-tanimbary, niaina fito volana eo izao ny zana-trondro ka efa hiditra amin'ny fanalehibeazana ny mpiompy ankehitriny izay miampy ny fanalehibeazana mieren-taona izany matetika. Miompana amin'izany indrindra ny lahatsoratra sy ny taratasy azonay handrafitra ity laharena fahavalo ity.

Niova ny endriky ny gazety manomboka etoana mba hanampiana ny vaky sy ny dikan-teny malagasy/frantsay ary ny fanontana ny gazety.

Zahao ary dia mazotoa mamaky Tompoko!

FIKAROHANA MIKASIKA NY ZANA-TRONDRO AMIN'NY ALALAN'NY FAMETRAHANA FEFY

Naseho tao anatin'ny gazety teo aloha ny lahatsoratra iray momban'ny fikarohana mikasika ny fotoam-piompiana zana-trondro tamin'ny alalan'ny fametrahana fefy ao an-tanimbarin'ireo mpandray anjara. Marihana etoana fa efa nifarana tamin'ny fotoana fijinjambary afara io fikarohana io ary tsy ho ela ny valiny.

Tapitra ny fotoam-pinjinjana ary efa nalaina niaraka tamin'izany koa ny vokatra azo tamin'ireo trondro nanaovana fikarohana tao anaty fefy.

Araka ny voalaza tao amin'ny gazety Feon'ny mpiompy trondro laharana faha-7 pejy 4 dia ny fampitahana ny fitombon'ny zana-trondro araka ny vanim-potoana fambolem-bary, ny karazam-bary, ny hazavana tafiditra ao amin'ny rano no tanjon'ny fikarohana.

Mpandray anjara 5 tamin'ny 6 no nahatody ny fikarohana ka fiompiana anaty fefy 8 no nazahoam-bokatra.

Niainga avy amin'ny fandraisana ny rakik'isan'ny lanja sy ny refy teny amboalohany ary tany amin'ny farany ny ekipa tekhnika. Ny elanelana azo avy amin'ireo isa ireo no entina hanatsoahana ny antony mampitombo sy ny sakana tsy mampitombo ny zana-trondro araka ny fepetra maromaro. Anisan'ny masontsivana halalinina ny vani-potoana fambolem-bary sy ny tsingerim-pivoarany, ny hafanana, ny hazavana, ny taonan'ny trondro tamin'ny nampidirana azy ary ny fiaviany.

Eo am-panantanterahana ny kirakiran'ny antontan'isa azo ny ekipan'ny APDRA- Madagascar amin'izao fotoana izao. Ho aseho manaraka ny valin'ny fandravonana azo.

MANATSARA HATRANY NY TEKINIKAM-PIOMPIANA

Tantsaha monina ao Andriamasoandro i Razafindrainibe Grégoire. Tena mankafy ny fiompiana trondro izy satria

« EDITORIAL »

L'hiver est là depuis un certain moment. Dans les rizières, ce sont les cultures de contre saison qui remplacent le riz. Les alevins ont grandi depuis environ sept mois et les pisciculteurs vont entamer la phase de grossissement laquelle est souvent accompagnée par la remise des lots de poissons grossis de l'année précédente. Les articles et les courriers reçus concernent cette phase qui vont composer cette parution.

La forme du journal a changé pour faciliter l'apprentissage de la langue française/malgache et afin d'alléger l'impression du journal. Bonne lecture!

La rédaction

RECHERCHE SUR L'ALEVINAGE PAR LA MISE EN PLACE DES ENCLOS

Dans un article du journal précédent, nous avons présenté les recherches menées sur la période d'alevinage par la mise en place d'enclos dans les parcelles des participants.

Cette étude s'est terminée récemment, au moment de la moisson du riz.

La campagne rizicole est déjà terminée. L'APDRA Madagascar et les pisciculteurs ont procédé à la pêche des poissons introduits dans les enclos.

Comme il était mentionné dans l'article du journal n°7- page 4, la mise en place des enclos avait pour objectif de comparer la croissance des alevins selon la saison et la variété du riz, et la luminosité arrivant à la surface de l'eau.

5 pisciculteurs parmi les 6 participants ont achevé l'expérimentation. Au total, l'étude a été réalisée sur 8 enclos.

L'équipe technique a effectué les mesures des tailles poids individuels des poissons lors de l'introduction et de la récolte. Les écarts pourront permettre d'étudier les facteurs favorisant et limitant la croissance des alevins selon la saison et le stade végétatif du riz, la lumière et la température, tout en prenant en compte leur âge ainsi que leur origine.

L'équipe de l'APDRA-Madagascar traite actuellement les données collectées. Le bilan de l'étude sera présenté prochainement.

AMÉLIORATION PERPÉTUELLE DE LA TECHNIQUE D'ÉLEVAGE

Razafindrainibe Grégoire est un paysan résidant dans le



Efa nampihatra izany tamin'ny fahakeliny ka hatramin'izao izy 48 taona izao. Tsy mitsahatra ny manatsara ny tekinkampiompiana ampiasainy i Ra Grégoire fa manao fikarohana hatrany.

« Mbola kely tao an-tokatranon'ny Ray aman-dreniko aho dia efa nanana ny fiompianako manokana. Notohizako tany an-tokatranoko izany. Nandalina ny fiofanana fampiterahana niaraka tamin'ny FAO ny tenako tamin'ny taona 1975, redretra sy tery lantsika no nataonay kakaban.

Nanohy hatrany ny fiompiana trondro aho na dia teo aza ny fahavalo sy ny mpangalatra indrindra moa amin'ny fotoanan'ny fampanatodizana. Maro ny mpangalatra sy ny mpanao sotasota no maka ny atodi-trondro miaraka amin'ny *kakaban* rehefa avy mampanatody izahay. Niezaka hatrany koa aho nitady ny vahaolana mifanaraka amin'izany ka nampiasa indray ny vilondrano izay hitako fa nahafanina ny ankilany ary nampitsahatra ny halatra atody hatramin'izao.

Niofana niaraka tamin'ny tetik'asa APDRA F Madagascar indray aho ny taona 2007 satria efa nisy ny fiaraha-miasa natao niaraka tamin'ny Fokontany misy ahy eto Andriamasoandro.



Nampihariko ny fiofanana no sady nitana ny fanamarihana hitako aho.

Voalohany indrindra dia raisiko amin'ny kira-trondro: Nampivady reni-trondro sy lahi-trondro malama be aho. Nanatody ny reni-trondro nefa tsy araka ny habetsaky ny atody navoakany no foy fa ny 5% teo ho eo fotsiny angamba. Tranga efa hitako ihany io taloha saingy ireo moa ny karazana nantsoina hoe: *carpe royale* ka notahiriziko tsara. Teo ankilan'izay dia nampivady trondro vavy misy kirany manaraka ny vombony tamin'ny trondro lahy malama be aho. Nahazo zana-trondro 13 000 eo ho eo aho tamin'ity fanambadiana ity. Nanao fampanambadiana trondro lahy sy vavy samy misy kirany koa aho ary hitako fa tena nanome betsaka.

Nampivady trondro samy hafa loko aho. Trondro efa ahy tao no nampiterahako tamin'ny trondro miloko "mavobe" ka nanome loko maramara. Tsy azoazoko loatra ny lokony nefa notehiriziko ihany satria tsar any toetra anatin'ny rehefa nisaina ny isan'ny tsipitsipika malemy manaraka ny vombony. Ny tombotsoa manko no zava-dehibe amin'ny maha-tantsaha.

Faharoa manarak'izay, tsy nanome sakafo an'ireo reni-trondro sy lahi-trondro mihitsy aho ary ataoko fa izany no nahatonga ny reni-trondroko nihinana ny atody nalatsany ka nahatonga faty antoka ho ahy.

Rehefa vitako ny fampiharana ny fiofanana sy ny fampitahana ny vokatra azoko dia tapa-kevitra aho ka nohaniko daholo ny trondro malama ary nanomboka nifidy ny zana-trondro hompiana aho raha vao feno roa volana. Ny filahatry ny kirany sy ny isan'ny tsipika malemy eo amin'ny vombony no hanavahako azy.

Tsy nitazona ho ahy irery ity fahaiza-manao ity aho fa miezaka hatrany mizara amin'ireo tapaka sy namana mpiompy trondro eto Andriamasoandro.

Ankehitriny dia mbola maniry mafy ny fiaraha-miasa amin'ny Apdra- Madagascar izahay satria nahitana soa ny fiofanana

Fokontany d'Andriamasoandro, Commune rurale de Betafo. Passionné de la rizi pisciculture depuis son enfance, il fait des recherches et progresse petit à petit en mettant en pratique des techniques innovantes.

« J'avais mes propres parcelles piscicoles lorsque je vivais avec mes parents. J'ai poursuivi cette activité lorsque je me suis marié. Je travaillais en partenariat avec la FAO, avec qui j'ai participé à une formation sur la production des alevins en 1975. A partir de cette formation nous avons alors utilisé le redretra et les sacs plastiques comme support de ponte. J'ai toujours persisté face aux pertes engendrées par les prédateurs et le vol durant le stockage et face au vol des œufs après la ponte. J'ai cherché des solutions et j'ai innové. Par exemple, j'ai utilisé les végétaux aquatiques naturellement disponibles comme supports de ponte. Les œufs ainsi cachés n'ont pas été trouvés par les voleurs.

Une carpe sans écaille selon le propos de Razafindrainibe Grégoire

En 2007, j'ai répondu l'appel de notre Fokontany concernant une collaboration avec l'APDRA - Madagascar. J'ai participé à une nouvelle formation relative à la sélection des géniteurs, que j'ai pu mettre en pratique : J'ai voulu tester les informations sur la dégénérescence et j'ai croisé une femelle sans écaille avec des mâles similaires. La femelle a pondu, par contre le taux d'éclosion n'est que de 5%. J'avais déjà observé ces mauvais résultats, mais j'avais conservé ces géniteurs car on dit que ce sont de bons poissons, appelés carpes royales. J'ai également croisé une femelle avec des écailles sur la nageoire dorsale avec des mâles sans écailles. Cette ponte m'a donné environ 13 000 alevins. J'ai aussi réalisé un croisement de mâles et femelles avec écailles, qui m'a permis d'obtenir un nombre important d'alevins que je n'ai cependant pas compté. Je possédais par ailleurs des carpes de couleur orange. Je les ai croisées avec des carpes locales, ce qui a donné une couleur panachée aux alevins. Cette couleur ne me plaît pas mais on peut considérer que ce sont de bons poissons si l'on tient compte du nombre des rayons mous. De plus, ils m'apportent beaucoup d'alevins, j'ai donc choisi de les conserver. En tant que paysan, le bénéfice est plus important que mes préférences de couleur. J'ai observé qu'après la ponte, l'une des femelles mangeait ses œufs. Je n'ai pas alimenté ces géniteurs au cours du stockage et je suis sûr que c'est le manque de nourriture qui a provoqué ce comportement. J'ai consommé tous les poissons sans écailles lorsque j'ai terminé l'application de la formation et la comparaison des résultats. En parallèle, j'ai commencé à choisir les carpillons à élever en prenant en compte les écailles et le nombre des rayons mous, dès qu'ils ont eu deux mois. J'ai ensuite diffusé mes expériences et mes connaissances dans notre Fokontany d'Andriamasoandro. Finalement, je continue à solliciter l'APDRA- Madagascar, car ce partenariat m'a permis d'acquérir une bonne technique.»

Vokatra azo avy amin'ny fanatavizana karpa mandritra ny voly avotra

Betsaka ny tantsaha ao amin'ny faritr'i Betafo no mampiasa ny taniny mandritra ny ririnina. Tsy amin'ny fambolem-bary irery ihany fa amin'ny voly hafa koa ka anisan'izany ny ovy, ny legioma isan-karazany ary ny varim-bazaha (ny ble sy ny orza) izay manana toerana lehibe tokoa. Efa hita tao amin'ny toeram-pamokaran'ny tantsaha ihany koa ny fanaovana voly ririnina trondro. Tao anatin'ny sampana « fikarohana sy fam



Empoissonnement de la parcelle poisson en contre saison – Jean-Marie-Ambohiambo Juillet 07

pivoarana »

no nisafidianan'ny APDRA- Madagascar ny loha-hevitra handinihina ny fiantraikan'ny fahasahan'ny tany sy ny fidiram-bolan'ny tantsaha amin'ny famokarana voatabia sy trondro mandritran'ny fotoana maina. Mpianatra roa avy amin'ny sekoly ambony no nanantanteraka ny fandi-nihina : i *Sophie MOREAU*, kilasy faha efatra ao amin'ny ISTOM ary i *Rolland RAZAFITSIATSIPIY*, kilasy fahatelo ao amin'ny sampana fitantanana ao amin'ny ESSVA Vakinankaratra Antsirabe.

Ny fanentanana amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara mavitrika ny tantsaha no tetik'ady nampiharina. Ny fizohiana ara-potoana ireo sombin-tany namokarana voatabia sy trondro, ny fanadihadiana sy ny fifanakalozan-kevitra tamin'ireo tantsaha mpandray anjara no naza-hoana ny rakik'isa sy rakin-tsoratra. Ny vokatra azo tamin'ireo no nentina nanaovana ny tamberin-teny ho an'ireo tantsaha nandray anjara ny 19 aprily 2008.

Sakana mipetraka ny tsy fahampian'ny rano satria betsaka ny mpampiasa rano amin'io fotoana io nefa kely ny hadiry azo ampiasaina. Manampy izany, mbola mampidina ny lanjambokatra miakatra isaky ny hekitara ny toetr'andro mangatsiaka, ny tsy fahampian'ny entimanana hividianana kojakoja indrindra ho an'ny fambolena voatabia dia mametra ny velarana voavoly.

Mbola ao koa ny halatra, vokatry ny tsy fandriam

Résultats du grossissement de carpes en contre-saison

De nombreux paysans de la zone de Betafo optimisent l'exploitation de leurs terres en pratiquant à la suite de la culture du riz, des cultures comme la pomme de terre, les légumes ou encore les céréales (blé et orge) durant l'hiver. Depuis quelques temps, le grossissement de carpes fait aussi partie de l'exploitation durant la contre-saison.

Au cours de l'année 2007, dans son volet Recherche et Développement, l'APDRA-Madagascar a choisi comme sujet de réflexion l'étude de l'impact des productions de tomates et de poissons pendant la saison sèche, sur la fertilité du sol et sur les revenus des paysans. Cette étude a été menée par deux stagiaires : *Sophie MOREAU*, étudiante en 4^{ème} année à l'ISTOM (Ecole d'Ingénieur d'Agro Développement International, basée en France) et *Rolland RAZAFITSIATSIPIY*, étudiant en 3^{ème} année en Gestion Management à l'ESSVA (Ecole Supérieure Spécialisée du Vakinankaratra, à Antsirabe). L'approche participative a été adoptée. Un suivi régulier des parcelles d'expérimentation en tomates et en poissons, complété par des enquêtes sur le fonctionnement de l'exploitation, a permis d'obtenir de nombreuses informations. Les résultats de cette étude ont été restitués le 19 avril 2008 aux paysans participants. Pour l'élevage des carpes, la disponibilité en eau apparaît être l'un des principaux facteurs limitant. En effet, l'eau est moins disponible en cette saison et ce phénomène est accentué par le fait que de nombreux paysans l'utilisent pour leurs cultures. Par ailleurs, des températures plus basses durant l'hiver affectent les rendements de poissons de façon négative. Dans le cas de la culture de tomates, l'indisponibilité des fonds nécessaires à l'achat des intrants, maintient la taille de l'activité à petite échelle. Par ailleurs, le



Parcelle de poissons de contre saison- Modeste et son fils- Amporano- Septembre 07

pahalemana izay mampiahiahy sy mampidina ny risipon'ny tantsaha hanao zavatra lehibe.

Tombotsoa isan-karazany no mety azo fantarina amin'ny fanatsarana ny fahasahana'ny tany nohon'ny fitondrana raha organika sy mineraly izay ahitana ireo singa mamorona ny fahasahana (Azota, karbona, fosfôro). Hita tamin'izany ny fivoaran'ny fahasahana'ny tany ka tamin'io no nanintonana ireo soso-kevitra nomena ny tantsaha entiny hanatsarana ny fanamasahana sy ny hifidianany ny fanapahan-kevitra horaisina amin'ny voly avotra manaraka.

Eo amin'ny ara-toe-karena, ny fampiharana ny voly avotra dia manampy ny tantsaha amin'ny fananam-bola rehefa mivarotra ny vokatra na ny fitahirizana ny reny trondro sy ny lahiny ho amin'ny fampanatodizana.

Eo ankilan'izany koa, dia mifanindry amin'ny fahavaratra io fotoana io ka manampy ny tantsaha amin'ny fananam-bola hividianana ny banga ao an-tokatrano.



*Voly avotra
ho an'ny
trondro -
Jean-
Chrysostome-
Ambohitsara-
Aog. 07*

Nisy anefa ireo tantsaha nahavaingana ny volany ka afaka nivity fitaovana entina miasa.

Ho famintinana dia samy nahazo tombotsoa ireo tantsaha nandray anjara sy ny tetik'asa tamin'ity fandalinana ity.



Vol est un souci pour les paysans et freine leur motivation pour s'investir dans les activités.

Cependant, différents avantages de la culture de contre saison, qu'il s'agisse de la tomate ou de la carpe, peuvent être dégagés. En effet, l'apport de matières organiques et minérales permet d'augmenter la disponibilité dans le sol d'éléments comme le carbone, l'azote et le phosphore, essentiels au développement

des plantes et de l'alimentation naturelle des poissons. A la suite de ces résultats, des propositions pour l'entretien



des terres et le choix de la culture à la prochaine saison, ont été avancées aux paysans, en tenant compte des caractéristiques de leurs parcelles.

Sur le plan socio-économique, la pratique des cultures de contre-saison (tomate et poisson) offre aux paysans une possibilité de réinvestissement grâce à la vente des produits ou au stockage des géniteurs pour la reproduction (dans le cas de la pisciculture). De plus, étant donné que cette période coïncide avec à la période de soudure à Madagascar, la vente des produits permet de couvrir les besoins quotidiens du foyer. Par ailleurs, quelques paysans ont réussi à capitaliser les produits de leurs cultures en acquérant des outils de travail.

Bref, les deux parties en étroite collaboration (le Projet et les paysans) ont manifesté un réel intérêt à la réalisation de cette étude.



Mpivady tanora, dimy taona lasa izay I Randriampanana Johnson sy Ravololonirina Marie Antoinette. Niara-niasa tamin'ny APDRA-Madagascar izy roa raha vao tonga tao amin'ny Faritr'I Betafo ity tetik'asa ity ny taona 2004.

Hoy izy roa: "Manana tanimbary telo izahay. Ny voalohany dia lehibe nohon'ny fitambaran'ny roa kely. Voly ovy, orza ary karaoty no nataonay taloha rehefa tonga ny ririnina satria



Rtoa
Ravololonirina Marie Antoinette mandray ny loka tamin'ny Fifaninanana Fiompiana trondro 2007–Antsapanimahazo–Jolay 07

ireo no voly mahazatra ny mponina aty Betafo.

Samy manana ny lalany ny vokatra. Sakafom-

pianakaviana ny orza ary ny ovy sy ny tsaramaso kosa amidy mba ho loharanom-bolan'ny fianakaviana.

Tadidinay tsara fa nandany 50 000 ariary izahay tamin'ny fambolena ovy ririnina tamin'ny taona 2004, mbola tsy nokajiana tao anatin'io fandanianana io ireo asa mafy sy ny fotoana lany nadritran'ny fikolokoloana nefa io ihany no sandam-bola niditra rehefa nivarotra ny vokatra azo izahay.

Io faty antoka io no nahatonga anay nanapa-kevitra hanao fiompiana trondro mandritran'ny voly avotra. Efa mpamokatra zana-trondro izahay tamin'izany fotoana izany sady efa mpiara-miasa tamin'ny APDRA-Madagascar ka te haneho aminy ny ezaka amin'ny fandraisana anjara no hiditra bebe kokoa amin'ny lafiny fiompiana.

Novainay, noho izany ny fitantanana ny tany nanomboka ny taona 2006. Natokana ho an'ny fiompiana karpa ny velarantany lehibe indrindra amin'ny ririnina ary ny roa madinika nanaovana orza sy tsaramaso.

Trondro vantony 90 no napetrakay tao nandritran'ny voly avotra. Be loatra io hakitroka io ka ratsy fitombo ny trondro nefa afaka nividiananay kisoa ny tombony azo tamin'izany. Tamin'ny taona 2007 indray, nandray anjara tamin'ny fifaninanana fanamasahana mandritran'ny voly avotra izahay ka vanton-trondro 70 no napetrakay tao, tsy nandany afa-tsy komposta, tain'omby ary vola 1750 ariary sy ny fotoana lany hijerena ny rano izahay. Afaka niantoka ny hazo nanaovanay trano vaovao ny tombony azonay nandritra io fiompiana io.

Tsapanay fa ahazahoana tombony betsaka lavitra miohatra amin'ny ovy ny trondro. Kely ny vola lany: tsy mila ùividy kojakojam-panafody, kely ny fotoana iasana satria tsy mila manao fitsaboana na fikarakarana raha vao tafiditra ao antanimbary ny trondro. Indray mandeha ihany no hanaovanay ny famarotana ka azahoanay vola mivaingana.

Manampy izany, mifameno ny fiompiana karpa ahafahana mididy zavatra lehibe, ny fambolena orza ho sakafon'ny fianakaviana ary ny fambolena tsaramaso antoky ny fividianana ny kojakoja madinika ao an-tokantrano rehefa amidy tsikelikely.

Amin'ity voly ririnina 2008 ity dia efa nanomana trondro vantony 70 izahay. Hividianana vary mandritran'ny fotoampahavaratra no tanjon'izany."

Randriampanana Johnson et Ravololonirina Marie Antoinette sont mariés depuis 5 ans. Ils travaillent en partenariat avec l'APDRA-Madagascar depuis l'arrivée de l'association dans la zone de Betafo en 2004.

« Nous possédons trois parcelles de riz. La surface de la première est plus grande que le total de celle des deux autres », déclare le jeune couple.

« Autrefois, nous pratiquions les cultures de contre saison telles que la pomme de terre, l'orge et le haricot, entre deux campagnes rizicoles, comme le font les villageois et la population de Betafo. »

Chaque produit a sa destination. L'orge est affecté à la consommation familiale, la pomme de terre et les haricots sont réservés à la vente et assurent une ressource financière à la famille.

« Nous nous sommes rappelés qu'en 2004, nous avons dépensé 50 000 Ar pour la culture de contre saison et gagné la même somme par la vente de nos produits sans compter les lourdes dépenses de temps pour l'entretien des parcelles.

Nous avons alors décidé de faire le grossissement des carpes en hiver. Nous étions déjà producteurs d'alevins et nous voulions montrer notre effort de participation au partenariat avec l'APDRA-Madagascar.

Nous avons changé la gestion de la parcelle. La plus grande est destinée à l'élevage de carpes en contre saison et les deux petites sont utilisées pour la culture de l'orge et de haricots.

Nous avons débuté le grossissement de carpes lors du concours 2006. Nous avons introduit 90 poissons dans la parcelle, mais cette densité était trop forte et les poissons ont mal grossi. Cependant, les bénéfices tirés de cet élevage nous ont permis d'acquérir un porc. En 2007 nous avons participé au concours sur la fertilisation avec 70 carpillons introduits dans notre parcelle, nous n'avons dépensé que du compost, des bouses de vache pour une somme de 1750 ariary et consacré du temps au suivi de la gestion de l'eau. Cette fois -ci, le bénéfice nous a permis d'acheter du bois que nous avons utilisé pour la construction de notre nouvelle maison.

Nous constatons que la pisciculture rapporte plus que la culture de la pomme de terre. Les dépenses sont moins importantes, cela nous demande moins de temps de travail, nous rapporte plus de bénéfice, et la vente se fait en une fois, ce qui nous permet d'avoir une grosse somme d'argent. »

En parallèle, le grossissement de carpes est complémentaire à la culture de l'orge, qui soutient l'alimentation de la famille, ainsi qu'à la culture du haricot qui assure les produits de première nécessité par une vente régulière.

« Pour cette contre saison 2008, nous avons déjà gardé 70 carpillons. Cet élevage nous permettra d'assurer l'achat du riz pendant la période de soudure ».

TONOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA

« MAZOTO HANATSARA NY VAROTRA IOMBONANA IZAHAY... »

Nanomboka nampihatra ny varotra iombonana zana-trondro ny Fikambanana Fanantenana II ao Mahazina Fokontany Vakinifasina ao avaratr'i Betafo ny taom-ambolena farany 2007 - 2008 teo.

Niara-nikaon-doha tamin'ny APDRA- Madagascar, tetik'asa mpanohana azy ny Fikambanana nandritra io fotoana io. Niarahana nikaroka tamin'ny alalan'ny fametrahana paikady samihafa ny tsena ka anisan'izany ny fametrahana ny serasera sy ny fifandraisana isankarazany. Notrandrahana ihany koa ny fomba entina hamaliana miaraka ny filan'ny mpanjifa : ny lamina anatiny misahana ny fandrindrana ny famaliana ny tinady, ny lamina mahakasika ny fanangonana ny zana-trondron'ny mpikambana, ny fikajiana ny vidin'ny zana-trondro araka ny fandaniana ary ny fanaterana azy any amin'ny toerana ifanarahana amin'ny mpanjifa.

Nahatsapa ny mpikambana fa afaka nametraka ny vidim-bokatra tsara raha matetika sy teo aloha dia ireo mividy no nametra izany. Manampy izany, mandany fotoana ny famarotana sy fiandrasana mpividy eo amin'ny tsenan'ny kaomina Betafo raha mbola tsy manana mpanjifa raikitra hanaterana zana-trondro. Na izany aza anefa dia tsy nialana io karazam-pamarotana iray ao an-tsenan'i Betafo io. Mbola notohizana hatrany satria misy ireo mpanjifa efa zatra mividy amin'ny mpamatsy azy eny an-tsenana, ary mbola tiana hotazonina ny fiaraha-miasa aminy na dia tsara vidy aza ny zana-trondro amidy any ivelan'ny tsenan'ny Kaomina. Ity tranga faharoa ity anefa dia mitaky lamina matotra sy fandaniana kokoa.

Nahazo tombony tamin'io varotra iombonana io ny androtokon'ny mpikambana. Ny sisa nanohy ny fanomezana fahafaham-po ireo mpanjifany manokana na tsy nanana zana-trondro mifanaraka amin'ny filan'ny mpanjifa. Mbola hojeren'ny mpikambana akaiky io loha-hevitra iray io amin'ny taom-pamokarana ho avy.

Hotohizana amin'ny taona manaraka 2008 -2009 ity paikady famarotana ity. Hodinina mialoha ny fahafaha-manao sy ny lamina apetraka hahatsaratsara kokoa ny famarotana. Maro ny lesona azo notsoahina tamin'ny fampiharana voalohany ka "mazoto ny hanatsara ny varotra iombonana izahay", hoy ny mpikambana. Manantena ny Fikambanana fa hahazo tombony ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fanantenana II na mba hitombo ny isan'ireo mahazo tombotsoa. Hojerenana ihany koa ireo fikambanana manodidina hafa mila fanohanana eo amin'ity tsenanjana-trondro ity.

NOUS SOMMES PRETS A AMELIORER LA VENTE GROUPEE ...»

Durant la dernière campagne agricole, l'association Fanantenana II de Mahazina Fokontany Vakinifasina au Nord de Betafo a commencé la vente groupée de ses alevins.

Pendant cette campagne, l'association a donc travaillé sur son organisation avec l'APDRA- Madagascar. Ensemble ils ont abordé la recherche de débouchés par diverses stratégies comme l'information et la communication. Ils ont également travaillé sur la réponse aux commandes des clients : l'arrangement interne, la collecte des alevins des membres de l'association, le calcul des prix de vente et la livraison. Les membres ont constaté que le fait de se réunir leur permettait d'avoir un plus grand pouvoir pour fixer le prix de vente des alevins. En effet, lors des précédentes ventes, ils remar-



*Le Président et le Secrétaire sur la route de la livraison des alevins de l'Association—
Vatofotsy-
Décembre 07*

quaient que ce prix était souvent déterminé par les clients. Par ailleurs, exposer les alevins au marché de la commune leur demandait beaucoup de temps, à présent, les alevins sont donc livrés directement auprès du client. Toutefois, des ventes d'alevins au marché sont couplées à la livraison pour ne pas couper les liens avec les clients habitués à acheter les alevins au marché de Betafo. Les membres constatent cependant que les alevins peuvent être vendus à un meilleur prix à l'extérieur de Betafo. Toutefois, ce type de vente demande plus d'organisation et plus de charges.

Les deux tiers des membres ont bénéficié de cette vente en commun, les autres ayant trouvé leurs propres clients ou n'ayant pas assez d'alevins pour satisfaire la commande. Ce point sera abordé par les membres pour la saison prochaine de vente.

L'association réitérera la vente groupée lors de la prochaine campagne 08-09. Cette fois-ci, ils commenceront plus tôt à réfléchir à leur stratégie et à leur organisation. Des leçons ont déjà été tirées de cette première vente groupée. Ils espèrent alors que la totalité ou du moins, une plus grande partie des membres de Fanantenana II en bénéficient.

D'autres associations environnantes pourront

TONGA NAMANA NY APDRA MADAGASCAR

Tonga nanatevina ny ekipan'ny APDRA -Madagascar ny 17 martsa 2008 I Ramatoakely Bénédicte LORGEUX, hanohy ny asan'i Benoît Espardelier, ao amin'ny sampana Fikarohana sy Fampandrosoana. Niasa tamin'ny fikarohana mikasika ny lohahevitra sakafon'ny trondro izy talohan'ny nahatongavany teto Madagasikara. Niompana tamin'ny famenon-tsakafon'ny trondro mba hampitombo azy tsara no foto-kevity ny asa nataony ka ny karazana "truite arc en ciel" anisan'ny be mpitady ao Frantsa no nifotorany.

Tsara ny fandraisan'ireo tantsaha tao Betafo azy ary vonona ny hiara-miasa izy ireo eo amin'ny sehatry ny Fikarohana sy ny Fampandrosoana.

Ramatoa Lola Rabekoto, mahafantatra tsara ny asan'ny sampan-draharaha tsy miankina misahana ny tontolo ambanivohitra niaraka tamin'ny ONG FERT hatrany amboalohany. Mpitan-tsoratra sy mpitam-bola tao amin'ny Pépinière de la Mania ary nanampy anisan'ny ekipan'ny APDRA- Madagascar nanomboka ny 5 may 2008 izy.

Efa am-perin'asa ihany koa I Andriamatoa Jérémy Lescot, mpianara asa, sy Andriamatoa Fabien Cousseau, mpanohana ara-kevitra sady hanamafy ny ekipa Malagasy.

Fomba fandraisana anjara amin'ny gazety

Misalasala ve ianareo ny hanoratra amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy? Ireto àry misy torolalana vitsivitsy hahafahanareo mandray anjara ato anaty gazety. Vonona izahay ny hanampy anareo ary mitady hatrany koa ny haneho mazava izay tianareo ambara.

Raha toe-javatra no tiana hotantaraina dia famaliana ireto fanontaniana ireto no handrafeto azy, mba hahafeno sy hanamarina tsara izay voalazanao/nareo.

Iza no nitarika ny tetik'asa? Inona no lafy tsarany? Ny traikefa nananany? Iza no tetik'asa niarahana nanatanteraka ny asa (mpiara-miombon'asa, tantsaha hafa)? Vondron'olona ve sa fikambanana?

Oviana ny fotoana nanombohana? Inona na manao ahoana ny zava-nisy teny am-piandohana? Inona ny olana?

Aiza tsara no mitranga ny toe-javatra? Faritra aiza?

Ahoana ny fomba nanatanterahana ilay toe-javatra? Tao anatin'ny sehatra manao ahoana? Ny fomba namahana ny olana? Ny fomba nahitana vahaolana? Ahoana ny fomba fahitanareo azy?

Nahoana no nisy ilay toe-javatra? Raha nisy ny safidy noraisina, nahoana? Raha nahomby, nahoana? Raha tsia, nahoana? Inona no tena tanjona? Tratra ve ny tanjona? Inona no eritreritrareo ny amin'ny ho avy?

L'équipe APDRA-Madagascar s'agrandit

Le 17 mars 2008, Bénédicte Lorgeoux venait agrandir l'équipe de l'APDRA-Madagascar, pour travailler, à la suite de Benoît Espardelier, en tant que chargée d'étude pour le volet Recherche et Développement. Avant son arrivée à Madagascar, elle a participé à des travaux de recherche sur le thème de la nutrition des poissons. Elle était alors chargée d'étudier les effets d'un additif alimentaire sur les performances de croissance de l'une des principales espèces d'intérêt commercial en France : la truite arc-en-ciel. A son arrivée, elle a été chaleureusement accueillie par les paysans rizipisciculteurs de Betafo. Les deux partenaires ont alors conjointement souhaité établir une bonne collaboration pour les travaux de recherche et développement.

Lola Rabekoto connaît le travail des ONG dans le milieu de l'Agriculture à Madagascar. Recrutée par l'ONG FERT à ses débuts, elle a travaillé comme secrétaire comptable au sein de la Pépinière de la Mania. Elle a rejoint les bureaux de l'ONG depuis le 5 mai 2008.

Au mois de mai, Jérémie Lescot, stagiaire et Fabien Cousseau, le Conseiller technique de l'APDRA-Madagascar, sont venus compléter l'équipe.

Comment contribuer au journal?

Vous craignez de ne pas bien savoir rédiger en français ou en malagasy? Voici quelques conseils pour vous aider à participer au journal. Nous sommes là pour vous aider et nous chercherons à traduire au mieux ce que vous voulez exprimer. Lorsque vous voulez raconter une histoire, pensez toujours à cette règle très simple que l'on apprend dans les écoles de journalisme afin que le récit soit le plus complet et le plus concret possible. C'est la règle des «5 W» (traduction anglaise de qui, quand, où, comment et pourquoi).

Qui conduit l'action? Quelle est sa qualité, son expérience? Avec qui l'action est-elle menée (partenaires, autres paysans, etc.)? Quelle communauté ou organisation?

Quand a-t-elle démarré? Quel était le problème ou la situation de départ?

Où se passe l'action, dans quelle région?

Comment avez-vous réalisé l'action? Dans quel cadre? Ou résolu le problème? Ou trouvé des solutions?

Comment l'expliquez-vous?

Pourquoi cette situation? Pourquoi avez-vous fait tel choix? Pourquoi telle réussite ou tel échec? Quels étaient vos objectifs? Les avez-vous atteints? Quelles sont vos perspectives pour l'avenir?

Enfin, n'oubliez pas de livrer votre analyse sur la manière dont vous avez réussi ou non l'expérience que vous décrivez.

TOMBANA ATRIK'ASA NY 04 APRILY 2008

Nokarakarina ny 04 aprily 2008 ny atrik'asa tombana 2007 natao tao amin'ny APDRA-Madagascar Antsirabe. Nandray anjara mavitrika ny mpiompy trondro ao avaratr'i Betafo. Niompana tamin'ny lohahevitra maromaro mampifandray ny roa tonta ny dinika.

Ity fivoriana ity no fanombanana voalohany niarahan'ny roa tonta nanao hatramin'ny niarahana niombon'antoka. Io ihany koa no fotoana iray nahafahana namory ny mpikambana rehetra ka nanaovana fikaonan-doha tamin'ny lohahevitra samihafa.

Natomboka tamin'ny fanombanana ny asa vitan'ny APDRA - Madagascar hatramin'ny nahatongavany tao Betafo ny andro.

Manaraka izany dia nodinihina sy nohalalinina ny lohahevitra « Fifaninanana fiompiana trondro 2008 ». Lohahevitra iray anisan'ny ankasitrahana ny tantsaha mpiompy trondro. Hatomboka ny volana may io fifaninanana io rehefa mahazo ny fankatoavan'ny APDRA-F.

Manampy izany dia nojerena ny lohahevitra mikasika ny fikarohana mandritra ny taona 2008.

Niadian-kevitra ihany koa ny lamina amin'ny fanatante-rahana ny fifanakalozana sy ny fitsidihana hatao miaraka amin'ny tantsaha mpiompy trondro manana fahalalana ara-tekinika tsara, mipetraka amin'ny Faritra manana toetr'andro sy toe-tany mitovitovy amin'ny an'i Antsirabe.

Ireo lohahevitra rehetra ireo no namoahana ny drafitr'asa mandritra ny taona 2008 tany amin'ny faran'ny fivoriana.

Marihana fa anisan'ny nanamafy ny fiaraha-miombon'antoka ity fihaonana ity ary maniry ny hisian'ny fivoriana toy izao isaky ny 4 na ny 6 volana ny tantsaha.

Ny tsenan'ny trondro ao Matsiatra Ambony

Tontosa ny fanadihadiana ny tsenan'ny trondro tao Matsiatra Ambony. Maro ny seha-pamarotana voadinika. Eo am-pamolavolana ny tahirin-kisa ny tompon'andraikitra misahana izany. Etsy hofantarina amin'ny ankapobeny ny fizotran'ny fanadihadiana teny an-toerana.

Ao anatin'ny fiaraha-miasa PSA Tafita sy ny APDRA Madagascar ny fanatanterahana ny fanadihadiana ny tsena

EVALUATION DE LA JOURNEE DU 04 AVRIL 2008 PAR LES PAYSANS

Les paysans pisciculteurs du Nord de Betafo ont participé à une séance de travail avec l'APDRA-Madagascar le 04 avril 2008 à Antsirabe. Cette journée a été consacrée à la présentation des différents thèmes de travail qui lient l'APDRA-Madagascar et les paysans rizipisciculteurs de Betafo ainsi qu'à l'accueil de Fabien Cousseau le conseil technique de l'APDRA-Madagascar.

Cette réunion a été la première occasion pour les deux partenaires d'évaluer leur collaboration. Ce rendez-vous

a également permis de réunir tous les membres afin de réfléchir ensemble sur les différents thèmes de travail.

La journée a débuté par l'évaluation du travail de l'Apdra Madagascar par les paysans depuis l'arrivée de l'association sur la zone de Betafo.

Ensuite une réflexion sur les thèmes du concours 2008 a été approfondie.

C'est un sujet très apprécié par les paysans. Ce concours débutera au mois de mai, après validation du protocole par l'équipe de l'APDRA-F.

Après cela, les recherches à mener pour l'année 2008 ont été abordées. L'organisation de la visite-échange avec d'autres pisciculteurs a aussi été discutée entre les deux partenaires. Ils ont souligné l'utilité d'effectuer cette visite échange avec des pisciculteurs ayant de bonnes connaissances techniques sur la pisciculture, installés dans une zone de climat et de relief proches des conditions d'Antsirabe.

Ces différentes discussions ont permis, à la fin de la journée, d'élaborer le plan de travail pour l'année 2008.

Considérant que cette rencontre a permis de renforcer le partenariat avec l'APDRA-Madagascar, les paysans ont souligné la nécessité d'organiser ce type de réunion tous les 4 ou 6 mois.

Le marché du poisson étudié sur la région Haute Matsiatra

C'est dans le cadre de la collaboration de l'APDRA-Madagascar avec le Projet PSA Tafita que deux membres de l'équipe, Edson Andriamirindra et Bénédicte Lorgeoux ont réalisé, du 7 au 23 avril, une étude sur le marché du poisson de consommation de la région Haute Matsiatra. Munis de questionnaires, ils se sont déplacés sur les différents marchés de la ville de Fianarantsoa ainsi que dans diverses communes de la région, parmi lesquelles



FIARAH—MIASA**PARTENARIAT**

'ny trondro ao anatin'ny Faritra Matsiatra ambony. Andriamatoa Edson Andriamirindra sy Ramatoakely Bénédicte Lorgeoux no nanantanteraka ny fanadihadiana mahasahana io loha-hevitra io ny 7 ka hatramin'ny 23 aprily lasa teo. Nandeha teny anivon'ny kaomina ambonivohitra sy ambanivohitra toa an'i Ambohimahasoa, Sahambavy, Ikalamavony ary Mahasoabe,.... izy ireo niaraka tamin'ny karazam-panontaniana maro.

Mba hahalalana tsara ny tsena dia nanontany sokajim-pivarotra maro ny mpanao fanadihadiana: varotra amin'ny toko, hotely madinika, hotely lehibe ary *poissonnerie*. Norantovina tamin'izany koa ny karaza-trondro tian'ny mpihinana, ny salan'ny habeny, ny vidy hividianana sy hamarotana ary ny fatran'ny lafo.

Anisan'ny nosintonina tao ny vanim-potoana maha-betsaka ny trondro ao anatin'ny taona sy ny fivezeven'ireo hazandrano (ny karazan'ny mpanjifa sy ny mpamatsy...). Misy ireo antonta azo nahafahana mijery ny fivoaran'ny fisiana sy ny fihinanana trondro ao amin'ny Faritra nanomboka ny taona lasa.

Etsy andanin'izany, nisy koa ireo mpihinana nandray anjara tamin'ny famaliana ny fanontaniana mifanandrify aminy toa ny lanja vidiany sy ny hatetiky

ny hazan-drano mahavantana azy rehefa natao ny fanadihadiana teny amin'ny mpivarotra trondro.

Nohalalinina kokoa io fanadihadiana teo amin'ny mpihinana io tao Fianarantsoa renivohitra. Nisy notanterahina teny amin'ny sampan-draharahan'ny jono, ary mbola misy mpiofana ihany koa amin'izao fotoana izao manadihady eny anivon'ny tokatrano, amin'ny boriborin-tany samihafa. Hampitahaina ireo fanadihadiana rehetra ireo amin'ny faran'ny fandalinana.

Hisy tamberin-teny amin'ny endrika tatitra sy fanehoana ny vokatra ho an'ny ekipan'ny PSA Tafita ary ireo vondrona tantsaha mpahazo tombotsoa ao amin'ny VFTM sy FKH lalamarina hampahalalana ny vokatra azo.



Un vendeur de poissons séchés sur le marché du Zoma à Fianarantsoa.

Ambohimahasoa, Sahambavy, Ikalamavony, ou encore Mahasoabe.

Dans l'objectif d'acquérir une meilleure connaissance de ce marché, les enquêteurs se sont intéressés à différents types de commerçants : étals, gargotes, restaurants, et poissonneries. De nombreuses données concernant les principales espèces vendues, leur taille moyenne, les prix pratiqués à l'achat et à la vente ou encore les quantités vendues ont ainsi été obtenues. Par ailleurs, les enquêteurs ont pu collecter des informations plus globales comme par exemple les principales périodes de disponibilité en poisson au cours de l'année, ou encore les caractéristiques des circuits de vente des produits aquatiques (types de fournisseurs et d'acheteurs...). Certaines informations obtenues pourront également permettre de dégager des tendances quant à l'évolution de la disponibilité et de la consommation de poissons depuis ces dernières années dans cette région.

Parallèlement aux enquêtes réalisées auprès des commerçants, des consommateurs directs de poisson ont participé à cette étude en répondant à diverses questions. Les préférences entre les différentes espèces de poisson, les quantités achetées et les habitudes de consommation des produits aquatiques ont été les sujets abordés avec les consommateurs de la région Haute Matsiatra. Par ailleurs, cette enquête « consommateurs » sera plus approfondie sur la ville de Fianarantsoa. En effet, sous la direction du service des pêches, un stagiaire réalise actuellement cette même enquête auprès des foyers des différents quartiers de la ville. A la fin de ses enquêtes, ses résultats et ceux obtenus par l'équipe de l'APDRA-Madagascar seront comparés.

Les résultats de l'enquête seront restitués sous forme d'un rapport et d'une présentation auprès de l'équipe du projet PSA Tafita et des Organisations Paysannes partenaires du projet, VFTM et FKH.

HAUTE MATSIATRA : LES POISSONS ET LES PISCICULTEURS DU VFTM

Les paysans pisciculteurs membres de VFTM progressent d'un point de vue technique depuis la mise en place du partenariat entre l'APDRA-Madagascar, PSA Tafita et VFTM.

La pisciculture est une filière porteuse selon les pisciculteurs. Elle apporte une ressource financière rapide, satisfaisante et durable et c'est pour cela qu'il persévère dans cette activité.

Le partenariat a commencé au début de cette campagne par un diagnostic piscicole sur la région

VFTM : NY TRONDRO SY NY MPIOMPY

AZY

Miroso amin'ny tsaratsara kokoa noho ny tekinka nampiharina ho an'ny fahaiza-manao ny tantsaha mpikambana mpiompy trondro ao anatin'ny VFTM Matsiatra ambony vokatry ny fiaraha-miombon'antoka APDRA F Madagascar, PSA Tafita ary ny VFTM.

Araka ny voalazan'ny mpisehatra tamin'ny telo volana teo aloha dia fidiram-bola maika, mahafa-po ary maharitra ny fiompiana trondro ka izany no hilofosany amin'ity seha-pamokarana ity.

Efa nisy ny fiaraha-miasa natao teo amin'ny telo tonta voalaza etsy ambony mikasika ny toeran'ny trondro ao amin'ny Faritra Matsiatra. Notanterahina sy nampiharina ny fiofanana manaraka ny tekinka ary notohizana tamin'ny fizohiana ireo saha fanehoana 18 notsidihin'ny Tomponandraikitra ao amin'ny VFTM sy ny ekipan'ny ApdraF Madagascar tamin'ireo 28 napetraka. Fikambanana lehibe 8 ao anatin'ny kaomina ambanivohitra sy ambony vohitra no voasahan'izany. Mbola hisy ny fizohiana fanombanana andiany faharoa amin'ny faran'ny taom-pamokarana ny volana jona.

Hita tamin'ny fizohiana fa nisedra olana ny tantsaha vitsivitsy nohon'ny fandalovan'ny rivo-doza « ivan » ny volana febroary lasa teo iny. Maro ny trondro no noferin'ny ranofotsy. Tsy nahakivy ny mpisehatra anefa izany fa noraisina ho lesona iray hanatsarana sy hanamafisana ny fanajariana ny eny antanimbary sy an-dobo ary indrindra ny an-tanety mba hanalefahana ny voina mety hitranga entin'itony loza araboajanahary itony.

Tao koa anefa ireo mpiompy nahita fahombiazana teo amin'ny fitomboan'ny trondro tamin'ny alalan'ny fandrefesana ny fitombon'ny lanjany sy ny habeny nanomboka tamin'ny fampidirana ka hatramin'ny datin'ny fizohiana voalohany. Mbola hitohy ny fizohiana ka ny volana jona no hiafaran'ny dingana voalohany amin'ny fiompiana.

Asa mahavelona ny fiompiana trondro manaraka tekinka sy mifidy ny taranaka nefa

tsy nijanona tamin'ny ara-tekinka sy ny lamina eo amin'ny fanaparahana ny fiompiana ao anatin'ny fikambanana sy ny mpiara-monina fotsiny ny fiaraha-miasa fa eo amperin'ny fanaovana fanadihadiana mikasika ny tsenan'ny trondro eto amin'ny Faritra Matsiatra ambony ny ekipan'ny Apdra Madagascar. Voasahana amin'izany ny distrika rehetra : Ikalamavony, Isandra, Vohibato, Lalangina, Ambalavao, Ambohimahasoa ary ny teo amin'ny renivohitry ny Faritra. Ny tanjon'ny fanadihadiana moa dia ny hahitana ny lalan-kizorana amin'ny seha-pamokarana sy hikarakarana sahady ny famokarana ho amin'ny taona ho avy satria hojerena akaiky ao amin'io tsena io ny filan'ny mpanjifa amin'ny lafiny rehetra : ny karazany, ny habeny, ny lanjany ary indrindra ny vidiny sy ny fotoana mahatsara izany.

Etsy andanin'izany ny fanatanterahana ny fandrindrana ny fampiterahana sy ny famondrahana arahina dinika hiarahana amin'ireo mpisehatra voasahina mba hahitana ny lalan-kizorana sy ny fampivoarana hatrany ny seha-pamokarana.

RAZAFIMAHATRATRA François Xavier

Tomponandraikitra Fizohiana

seha-pamokarana trondro

VFTM Matsiatra ambony Fianarantsoa

Haute Matsiatra, suivi d'une formation sur la technique d'élevage. A présent, les équipes de l'APDRA-Madagascar et de VFTM poursuivent par le suivi évaluation des sites de démonstration. Cette évaluation concernera 18 sites sur 28, répartis dans tous les districts de la Haute Matsiatra et appartenant à 8 organisations paysannes faitières

Lors du premier suivi, nous avons pu observer les dégâts causés par le cyclone « Ivan » au cours du mois de février qui a provoqué un endommagement partiel ou total de certains des sites piscicoles subventionnés par le PSA Tafita. Les pisciculteurs membres ont cependant conservé leur motivation et ont pu tirer des leçons de cet événement. Ils souhaitent à présent perfectionner et renforcer leurs aménagements afin de diminuer les risques de dégâts naturels.

Certains pisciculteurs ont pu estimer la croissance de leurs carpillons à partir des mesures de poids et de taille réalisées au cours des suivis, mais tous les sites enregistrent des pertes de poissons. Un second suivi aura lieu au mois de juin pour le pesage final.

La pisciculture est une filière porteuse pour ceux qui pratiquent une technique améliorée et c'est pourquoi les Or-



ganisations Paysannes ont demandé une étude sur le marché des produits aquatiques dans la Région de la Haute Matsiatra. Cette étude est en cours de réalisation par l'é-



quipe de l'APDRA-Madagascar. Une réflexion sur la promotion de la filière piscicole menée par l'APDRA-Madagascar et les acteurs concernés, sera bientôt mise en place.

RAZAFIMAHATRATRA

François Xavier

*Pêche des poissons dans les sites faisant l'objet de suivi-VFTM-
Maneva et Manolafaka
Mai 08*

NY FIOMPIANA TRONDRO

Ry tantsaha te hivoatsa
Aza dia laitsa loatsa
Fa tonga aty amintsika
Ny fampiharana ny tekinka

Tsy ny voly vary ihany
No mandresy ny mosary
Fa ny fiompiana sy fambolena
No tena fototry ny harena

Ny fanaovana ny voly avotra
Fambolena tena manavotra
Raha mbola tena hampitombo
Ataovy indray ny fiompiana trondro

Na an-dobo na an-tanimbary
Dia tena hita miharihary
Fidiram-bola sy sakafo
Harena mitafotafa

Ny asa tanimbary
Tsy mba mahafarary
Ny vidi-trondronao ihany
No anaovana izany

Hanampy ny fidiram-bolanao
Izany fiompiana trondro izany
Ka manainga re andao
Ho hitanao fa tsy miankany

Ny teknikam-piompiana
Dia efa misy mampiofana
Ka aza saro-tiana
Na malaina rakofana

Raha toa ianao ka tsy mino
Dia mba manaova
fanandramana
Ka ny tekinka tsy ho hadino
Ary ho hitanao ny

fiadanana Tena marina fa tsy somonga
No anaovana an'ity
Ny mpianakavy ho dongadonga
Lavitra azy ny mahia
Raha laroina voatabia

Mahasoa sy mahafinaritsa
Ny fiompiana trondro
Ka enga anie ka haharitsa
Izany fikasana fa tsy tondro

Ho faranako ny teny
Antsika no mandinika azy
Ka ho hitanao ombieny ombieny
Raha toa ka vazivazy

R. Mode KH Tanjona B
FKH Manantenasoa
Alatsinainy Ialamarina

LA PISCICULTURE

Oh ! Les paysans qui veulent avancer
Je vous conseille de ne pas trop tarder
Car l'application de la technique
A commencé pour les fanatiques.

Ce n'est pas seulement la rizipisciculture
Qui lutte contre la famine
Mais tous les élevages et l'agriculture
Qui sont la base de la fortune

La culture de contre saison
Aide et appuie les paysans
Mais le revenu peut encore être augmenté
Avec les poissons que l'on peut élever

Soit en rizière, soit en étang
Nous constatons évidemment
Qu'elle nous offre un revenu, de la nourriture
Et de plus, un surcroît de fortune

Le labour de la rizière est une contrainte
Mais cessez de vous plaindre
Car avec les bénéfices des poissons
Ce travail est assuré à temps

Cette pisciculture augmente votre revenu
Allons, pratiquez sans attendre
Avec le résultat,
Vous verrez que ce n'est pas un jeu !

La technique piscicole est prête
A être diffusée par les formés
Allons ! Réveillez-vous !
Il faut en profiter

Alors si vous ne me croyez pas
Commencez par petits pas
Appliquez bien la technique
Et vous verrez que c'est sympa

Je ne vous raconte pas de blagues
J'ai dit la vérité
Toute la famille sera en bonne santé
Avec un repas plus équilibré

La pisciculture éloigne les ennuis
Et offre un loisir pour la famille
C'est un rêve réalisable
Souhaitons qu'il soit durable

Je termine mes dires !
Je vous laisse réfléchir
Vous verrez dès aujourd'hui
Que ce n'est pas une plaisanterie

R. Mode KH Tanjona B
FKH Manantenasoa
Alatsinainy Ialamarina